Free Digital Copy From ServeNow

# *IREO ZAVA-DEHIBE FOTOTRA TOKONY HO FANTATRAO MOMBA AN'I JESOSY*

*Lars B. Dunberg*

ServeNow

Free Digital Copy From ServeNow

***Ireo zava-dehibe fototra tokony ho fantatrao momba an'i Jesosy***

***The Basic Things You Need to Know About Jesus (Malagasy)***

Lars B. Dunberg

Copyright © 2013 by *ServeNow.*
Used by Permission. All rights reserved.

ISBN 978-1-958730-91-1

Scripture quotations translated into Malagasy are taken from The Holy Bible, New International Version®, NIV® Copyright © 1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc.™ Used by permission of Zondervan.

All rights reserved worldwide. www.zondervan.com.The "NIV" and "New International Version" are trademarks registered in the United States Patent and Trademark Office by Biblica, Inc.™

Published by *ServeNow*
1817 Austin Bluffs Parkway #110
Colorado Springs, CO 80918, USA

Free Digital Copy From ServeNow

# Ireo zava-dehibe fototra tokony ho fantatrao momba an'i Jesosy

**Fampidirana**

Taona maro lasa izay no nanoratan'ity olona iray ity ny amin' i Jesosy toy izao manaraka izao: 'Indro lehilahy iray teraka tao amin'ny tanana rakotra haizina dia lay zanaky ny vehivavy tantsaha iray. Tany amin'ny tanana hafa indray no nihalehibe izy. Niasa tao amin'ny trano fandrafetana iray mandra-pahafeno telopolo taona azy izy. Nandritran'ny telo taona taorian'izay dia lasa mpitory teny tamin'ny toerana samihafa izy ary tsy mba nanan-trano mihitsy. Tsy mba nanoratra boky ihany koa. Tsy nanana toeram-piasana akory. Tsy nanana ankohonana. Tsy nandeha tany an-tsekoly na oviana na oviana. Tsy mbola nandeha tany an-drenivohitra na dia indray mandeha monja aza izy. Tsy niala lavitry ny toerana nahaterahany Izy, tsy misy telonjato kilometatra mahery akory. Tsy nanao na dia ny iray amin'ireo zavatra izay matetika miaraka amin'ny fanehoana fahamboniana izy. Tsy nanana taratasy fanamarinana ny maha izy azy akory izy fa dia ny tenany fotsiny ihany no hany fananany.

Raha teo am-pialana aina izy dia niloka ny amin'ilay mba hanyfananany teto an-tany ireo nanombo azy, dia ny akanjony izany. Nalevina tao amin'ny fasana nindramina nohon'ny fangorahan'nynamamana iray izy rehefa maty. Dia nivadibadika teny ny taona sy ny taonjato lava be izany hoe taonjato sivy ambin'ny folo eoeo, ary ankehitriny izy dia ivon'ny taranak'olombelona sy mpitarika ho amin'ny fandrosoana. Manakaiky ny marika aho

Free Digital Copy From ServeNow

rehefa milaza fa ny tafika rehetra izay nijoro, ny tafika an-dranomasina rehetra izay naorina hatrizay; ny parlemanta rehetra izay natsangana hatrizay sy ny mpanjaka rehetra izay nanjaka, raha atambatra ireo rehetra ireo, dia tsy nisy fiantraikany tamin'ny fiainan'ny olona teto antany tamin'ny fomba mahery vaika tahaka izay nataon'io fiainana tokana io.

**Olona manan-tantara i Jesosy**

Tsy zaza tsy niriana i Jesosy. Ireo mpaminany ao amin'ny Baiboly dia efa nilaza mialoha fa hisy olona ho avy ka hamonjy izao tontolo izao. Naminany ny amin'ny toerana hahaterahany izy ireo. Efa nolazain'izy ireo mialoha ny fomba hahaterahany. Efa naminany ny amin'izay ho fiainany izy ireo, eny fa na dia izay hitranga amin'ny fahafatesany aza. Tsy mbola nisy nahatanteraka ny irayamin'ireo faminaniana ireo hatreto. Rehefa tonga anefa ny fotoana, dia teraka teto amin'izao tontolo izao i Jesosy, olombelona nofo aman-dra.

**Taiza no nitrangan' izany?**

Teraka tao amin'ny firenena kely nobodoina izay antsoina hoe Palestina i Jesosy, izay ahitana an' i Galilia sy Samaria ary Jodia. Tsymihoatra ny 208 kilaometatra ny lavany ary 83 kilaometatra ny sakany, any amin'ny farany atsinanan'ny Fanjakana Romanina no misy azy.

Teraka tao Betlehema any Jodia i Jesosy, izay toerana nanoratan'ny ray aman-dreniny anarana ho an'ny fandoavan-ketra. Rehefa avy nijanona tany Egipta nandritran'ny taona vitsivitsy ny fianakaviany dia nanorim-ponenana tao Nazareta any Galilia avy eo.

Feno karazan'olona samihafa ity firenena ity. Nisy miaramila romanina nanerana ny tany, nifehy ny fibodoana. Teo amin'ny Jiosy, dia nisy ireo Zelota, izay olona niady

Free Digital Copy From ServeNow

tamin'ny fibodoana. Niady hevitra tamin-kafanam-po momban' ny fahasamihafana ara-teolojika ireo mpitondra fivavahanana, anisan'izany ireo vondrona sasany antsoina hoe Fariseo sy Sadoseo. Raha ara-jeografika, ny Samaritana, izay nohamavoin'ny rehetra, dia nonina teo anelanelan'ny Galiliana tany avaratra sy ny Joda tany atsimo.

**Oviana no nitranga izany?**

Teraka tokony ho tamin'ny taona faha 7 T.K i Jesosy. Ny moanina iray, izay zato taona maromaro taty aoriana, no nanao kajy ny kalandrie fampiasa indrindra eto amin'izao tontolo izao amin'izao fotoana izao, ka somary diso ny isa hitany. Maty tamin'ny taona faha 4 T.K.i Heroda Lehibe, ilay mpanapaka teo amin'ny tany, raha mbola teo ho eo amin'ny fahatelo taonany i Jesosy.

**Ny nahaterahan' i Jesosy**

Ao amin'ny boky voalohany ao amin'ny Testamenta Vaovao dia milaza hoe: *Ary ny nahaterahan' i Jesosy Kristy dia toy izao: Rehefa nanaiky Maria, renin' i Jesosy, ho fofombadin'i Josefa, raha tsy mbola nivady izy, dia hita fa nitoe-jaza avy tamin'ny Fanahy Masina izy* (Matio 1:18). Tena niavaka tokoa nyfomba nanorotoroana an' i Jesosy. Fahagagana izany satria tsy vokatry ny firaisana ara-nofo izany.

Nisy anjely tonga nilaza tamin'i Maria hoe: *Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary hisy herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao; koa ny Masina Izay hateraka dia hatao hoe Zanak' Andriamanitra* (Lioka 1:35). Tsy midika akory izany fa Andriamanitra dia nanome ny krômôzôma lahy ho an'ny fivoaran'ny zaza rano. Tsy milaza izany fa Andriamanitra no ray niterakaan' i Jesosy. Tsy lahy ary tsy vavy Andriamanitra. Izy no Mpamorona ny zava-drehetra ary manjaka eo anivon'ireo zava-boariny. Ny tenafahagagana dia ilay fahaterahana tsy misy ray ara-nofo nahatonga

Free Digital Copy From ServeNow

izany. Midika izany fa bevohoka tamin'ny alalan'ny fitaoman'ny Fanahy Masina i Maria.

Nahoana no tena zava-dehibe ny hoe lasa nanan'anaka ny virjiny iray? Midika izany fa ny famonjena antsika, na dia tamin'ny alalan'ny olombelona nofo sy ra aza, dia avy amin'Andriamanitra tanteraka. Satria asan'Andriamanitra ny naha nanan'anaka ny virijiny, dia asan'Andriamanitra ihany koa mazava ho azyny famonjena ahy sy ianao. Tsy afaka mandray ny famonjena isika raha tsy Andriamanitra mihitsy no miantso antsika ho amin'izany ary miasa ao anatintsika ny FanahyMasina (Jaona 3:3-6).

Ny virjiny lasa nanan'anaka dia maneho amintsika fa niditra teo amin'ny sehatry ny mahaolombelona iJesosy, na dia tsynananaota aza.

**Ny fahazazany**

Tsy dia misy tantara firy momba an' i I Jesosy fony mbola zaza Izy. Fony izy zazakely dia nandeha niaraka tamin'ny ray aman-dreniny nankanyamin'ny Tempoly izy. Voalaza fa hatramin'ny fahazazany dia *nitombo saina sy tena sady nandroso fitia tamin'Andriamanitra sy ny olona i Jesosy* (Lioka 2:52).

Rehefa roa ambin'ny folo taona i Jesosydia nandeha niaraka tamin'ny ray aman-dreniny ho any amin'ny fankalazana fanao isan-taona tao amin'ny Tempoly tao Jerosalema. Tsy fantatry ny ray aman-dreniny, fa hay nijanona tany Jerosalema izy. Telo andro tatỳ aoriana, rehefa very hevitra nitady an' i Jesosy nandritra izany fotoana izany izy ireo, dia hitany niady hevitra tamin'ireo mpitarika Jiosy tao amin'ny tempoly izy. Rehefa nanontany tena ny ray aman-dreniny ny amin'ny tsy naharototra azy akory ny amin'ny fitaintanan'izy ireo, dia namaly izy hoe: *Nahoana no nitady Ahy hianareo? Tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho eto an-tranon'ny Raiko Aho? Nefa tsy azon'ireo ny teny izay nolazainy taminy* (Lioka 2:49-50).

Free Digital Copy From ServeNow

**Ny Batisany sy ireo fakam-panahy nihatra taminy**

Rehefa feno 30 taona i Jesosy, dia nankeny amin'ny ony Jordana Izy, izay nahitana lehilahy iray antsoina hoe Jaona Mpanao Batisa nitory teny sy nanao batisa. Nihevitra ny tenany ho toy ny mpanomana ny lalana ho an'nyMpamonjy ho avy i Jaona, ary rehefa nihaona tamin' i Jesosy izy, dia azon' i Jaona tsara fa i Jesosy ilay lehilahy nandrasany. Rehefa nanao batisa an' i Jesosy i Jaona, dia niteny avy tany an-danitra Andriamanitra ka nanambara sy nanamafy hoe: *Ity no Zanako malalako Izay sitrako* (Matio 3:17).

Nankany an-tany efitra i Jesosy, ary nalain'ilay satana fahavalo fanahy nandritrany 40 andro sy 40 alina. Nandresy nyfakam-panahy rehetra Jesosy tamin'ny famaliana azy ireo tamin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra.

**Fanompoana voalohany**

Rehefa niverina avy tany an'efitra i Jesosy, dia nanomboka ny fanompoany Izy. Raha nisy olona nanana ny naha Izy Azy ka tokony niarahana indindra dia i Jesosy. Nandeha an-tongotra an-kilaometatra maro ny olona mba hiaraka taminy. Olona samihafa fiaviana izy ireo, izay mazàna tsy nisy zavatra nitovizana mihitsy. Ny sasany dia mpanarato, fa ny sasany kosa mpivaro-tena, mpamory hetra, mpitsara ary miaramila romanina. Ny olona sasany, izay tonga nihaino sy nametraka fanontaniana taminy, dia olona nandany ny androm-piainany manontolo, nandalina ny Boky Masina – izay antsointsika ankehitriny hoe Testamenta Taloha. Nahitana Azy avokoa na tao an-tranony, izany hoe tao amin'ny tempoly na tao an-tranon'ny mpamory hetra nohamavoina.

Na dia mpandrafitra tsy nanaraka fiofanana arateôlôjia aza izy, dia afaka nisarika sy nampianatra lehilahy toa an' i Nikodemosy, izay niofana manokana arateôlôjia. Vehivavy maro no nanara-dia Azy ary anisan'ny

Free Digital Copy From ServeNow

mpanohana nanana ny naha-izy azy tamin'ny hetsika nataony ireo. Nanaja azy ireo i Jesosy ary izy ireo kosa dia nanohana Azy. Indraindray i Jesosy dia voahodidin'ny ankizy madinika, nitsambikina nipetraka teo am-pofoany. Lehilahy tena natao ho an'ny karazan'olona rehetra mihitsy i Jesosy.

Nataony tena zava-nisy Andriamanitra tamin'ireo olon-tsotra ireo. Ho an' i Jesosy, Andriamanitra dia tena rainy tokoa fa tsy hoe mpitondra tsy fanta-pihaviana amin'izao tontolo izao. Nantsoin' i Jesosy hoe Aba (Dada) mihitsy aza Izy. Matetika izy no nanokana fotoana hivavahana tamin-drainy. Hoy Izy: "Tsy manao afatsy izay hitako ataon'ny raiko aho. Manao izay mahafaly ny raiko foana aho." Nambarany fa iray ihany izy sy ny rainy. Maro tamin'ireo izay nihaona tamin' i Jesosy no nahatsapa fa nifandray tamin'Andriamanitra. Sambany teo amin'ny fiainan'izy ireo ny nanamoran' i Jesosy ny fifandraisany mivantana amin'Andriamanitra.

Tonga olombelona toa azy ireo Izy. Na dia Andriamanitra aza izy, dia mba tsemboka nohon'ny masoandro midanika ihany koa rehefa tolakandro. Nihinana sy natory izy. Nandehaan-tongotra izy ka reraka. Nitomany teo amin'ny fasan'I Lazarosy namanyizy. Naneho fangorahana lehibe tamin'ny olona nanodidina azy tamin'ny karazana filana rehetra izy.

Nahazo fahefana ny fampianarany. Talanjona ny olona tamin'ny fampianarany, satria nampianatra azy ireo toy ny olona iray manam-pahefana izy fa tsy tahaka ny mpanora-dalàna. Ny mpanora-dalàna mantsy no mpitondra fivavahana tamin'izany andro izany. Tsy nilaza ny hevitry ny hafa mihitsy i Jesosy, afa-tsy izay an'ireo mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha. Fa hoy izy tamin'ny tenim-pahefana: *Lazaiko aminareo marina dia*

Free Digital Copy From ServeNow

*marina tokoa.* Niteny tahaka ny olona izay iraka avy tamin'Andriamanitra I Jesosy.

Nanaporofo ny heriny ny asa nataony. Iza moa ity lehilahy afaka niteny tamin'ny mararin'ny paralysisa hoe: Ahinjiro ny tananao, ka sitrana niaraka tamin'izay izy? Iza moa ity lehilahy ity izay afaka nitaky ny handaozan'ny herin'ny maizina ny lehilahy iray izay noravan'ny demonia nandritra ny androm-piainany, ary nandany ny fotoanany rehetra nitetika ny tenany teny am-pasana? Iza moa ity lehilahy ity izay afaka niteny tamin'ny tafio-drivotra mahery teo amin'ny Ranomasin' i Galilia ka nampitsahatra izany toy ny hoe tsy nisy mihitsy? Iza ity lehilahy ity izay afaka nitenytamin'ny mpianany mba hamahana olona 5 000 tamin'ny alalan'ny mofo kely dimy sy hazandrano vitsivitsy teo an-toerana? Iza moa io lehilahy io izay afaka nifanatrika tamin'ny governor romana nefa tsy nanan-tahotra na dia kely akory aza?

Nanerana izao rehetra izao ny fitiavany. Tsy misy zavatra ilaina kokoa eto amin'izao tontolo izao ankehitriny afa-tsy ny tena fitiavana manova fiainana. Dia ilay karazana fitiavana izay hanaovan'ny olona izay azony atao rehetra ho an'ny olon-kafa, eny fa na dia hamoizany ny ainy aza. Naneho ny fitiavany tamin'ireo tsy mahate ho tia Jesosy, ireo mahantra ihany koa, ireo natao tsinontsinona ary ireo mpitondratena. Naneho ny fitiavany tamin'ireo Samaritana nohamavoina izy. Naneho fitiavana tamin'ireo ory, ireo jamba, ireo ankizy kely ary ireo boka Izy, ary nilaza tamin'ny olona mba ho tia ny fahavalony. Na dia teo am-pialana aina teo amin'ny hazo fijaliana aza Izy, dia mbola nangataka tamin-drainy mba hamela ny helok'ireo miaramila izay namantsika ny tanany sy ny tongony ihany. Nilaza tamin'ireo mpianany Izy mba hiaina izany fitiavana izany. *Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny*

Free Digital Copy From ServeNow

*nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia* (Jaona 13:34-35).

**Nampiasa fanoharana matetika I Jesosy mba hanazavany ny heviny**

Indray andro Jesosy dia nilaza tamin'ny mpianany hoe: *Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny voan-tsinapy izay nalain'olona ka nafafiny tany an-tsahany. Fa kely nohon'ny voa rehetra izy, kanefa rehefa maniry, dia lehibe noho ny anana ka tonga hazo, dia avy ny voro-manidina ka mitoetra ao amin'ny rantsany* (Matio 13:31-32).

*Koa amin'izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka tsy mampihatra izany dia tahaka ny lehilahy adala izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny fasika. Ary latsaka ny orana, tondraka ny riaka, ary nifofofofo ny rivotra namely izany trano izany, dia nianjera mafy tokoa ny trano* (Matio 7:25-27).

Nisy fotoana ihany koa Jesosy nilaza ny amin'ny tantaran'ilay Fariseo sy ilay Mpamory Hetra.

*Ary Jesosy nilaza izao fanoharana izao tamin'ny sasany izay natoky fatratra ny fahamarinany ka naneso ny namany rehetra: Nisy roalahy nankany an-kianjan'ny tempoly hivavaka; Fariseo ny iray, ary mpamory hetra nohamavoina ny iray. Nijoro irery ilay Fariseo ary nivavaka hoe: 'Misaotra Anao aho, Andriamanitra ô, fa tsy mpanota tahaka ny olon-drehetra aho. Fa tsy mamitaka aho, tsy manota, ary tsy mijangajanga. Tena tsy mitovy amin'io mpamory hetra io aho! Mifady hanina indroa isan-kerinandro aho, ary omeko anao ny ampahafolon'ny karamako.'*

*"Fa ilay mpamory hetra kosa nijanona teny lavidavitra eny, ka tsy sahy niandrandra ny lanitra akory raha nivavaka. Nikapoka ny tratrany tamin'alahelokosa izy ka nanao hoe: 'Andriamanitra ô, mamindrà foamiko, fa mpanota aho.' Lazaiko aminareo fa io mpanota io, fa tsy ilay Fariseo, no niverina nody nohamarinina teo anatrehan' Andriamanitra. Fa izay*

Free Digital Copy From ServeNow

*manandra-tena no haetry, ary izay manetry tena no hasandratra* (Lioka 18:9-14).

Misy tantara hafa maneho nyfitiavan' i Jesosy antsika, na dia mania aza isika. *Raha misy lehilahy manana ondry zato ka very ny iray, inona no hataony?*

*Tsy hamela ny sivy amby sivifolo any an-efitra va izy ka handeha hitady ilay very mandra-pahitany azy? Ary rehefa hitany izany, dia hitondra azy an-tsorony amim-pifaliana. Rehefa tonga izy, dia hamory ny namany sy ny mpiara-belona aminy ka hanao hoe: 'Miaraha mifaly amiko, fa efa hitako ny ondriko very. Mihoatra ny sivy amby sivifolo izay marina ka tsy nivily* (Lioka 15:4-7).

**Nampianatra antsika momba ny vavaka i Jesosy**

Indray andro ny mpianany nanontany Azy hoe: *Ahoana no tokony ho vavakay?*

Ary Izy namaly azy hoe: *Ary raha mivavaka ianareo, aza mba ho tahaka ny mpihatsaravelatsihy; fa izy tia ny mivavaka mitsangana eo amin'ny synagoga sy eo an-joron-dalana, hahitan'ny olona azy. Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany. Fa ianao kosa raha mivavaka, dia midira ao amin'ny efi-tranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin'ny Rainao, Izay ao amin'ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'nymangingina, no hamaly anao. Ary raha mivavaka hianareo, dia aza mba manao ten y maro foana tahaka ny jentilisa; fa ataony ho ny hamaroan'ny teniny no hihainoana azy. Koa aza manahaka azy hianareo; fa fantatry ny Rainareo iza ytokony ho anareo, raha tsy mbola mangataka aminy aza hianareo!* Koa amin'izany, mivavaha toy izao ianareo:

*Rainay Izay any an-danitra,*
*Hohamasinina anie ny anaranao*
*Ho tonga anie ny fanjakanao*
*Ety an-tany tahaka ny any an-danitra*

Free Digital Copy From ServeNow

*Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay*
*Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay*
*Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy,*
*Fa manafaha anay amin'ny ratsy*
(Matio 6:5-13).

**Nampianatra antsika ny amin'ny famelan-keloka i Jesosy**

Matetika i Jesosy no nampianatra ny mpianany hamela heloka. Nanontany toy izao ny anankiray tamin'izy ireo indray andro: *Tompo ô, impiry aho no hamela izay manota amiko? impito?* Ary Jesosy namaly tsotra hoe: *Tsia, tsy impito, fa impito amby fitopolo!*

*Nilaza tamin'ny mpanara-dia Azy i Jesosy fa tsy azo atao ny mihaino ny vavaka ataony, raha tsy mamela heloka iz yireo. Fa raha mivavaka ianareo, dia mamelà ny helonareo aloha, mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra koa ny helokareo* (Marka 11:25-26).

**Nampianatra antsika ny amin'ny fanetren-tena i Jesosy**

I Jesosy, ilay Mpanjakan'ny mpanjaka, dia tsy tia nokarakaraina ho toy ny iray amin'ireny. Rehefa nitady hanao Azy ho mahery fo ny olona, dia lasa nankany an-tendrombohitra mba hivavaka Izy. Ny hany fotoana nilazan' i Jesosy antsika mba hianatra mivantana amin'ny alalan'ny oha-piainany dia ny amin'ny fanetren-tena.

*Ento ny ziogako, ka mianara amiko, fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo ianareo* (Matio 11:29).

**Nampianatra antsika ny amin'ny vola Jesosy**

*Aza mihary harena ho anareo ety an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, sady misy mpangalatra manamitrano sy mangalatra* (Matio 6:19).

Free Digital Copy From ServeNow

*Tsy misy olona mahay manompo tompo roa; fa ny anankiray ho halany, ary n yanankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy Mamôna ianareo* (Matio 6:24).

*Raha tia ho tanterakahianao, mandehana, amidio ny fananao, ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra hianao; ary avia hanaraka Ahy* (Matio 19:21).

*Ary raha nipetraka tandrifin'ny fandatsahan-drakitra Jesosy, dia nijery ny fandatsaky ny vahoaka vola tao Izy; ary maro ny mpanan-karena nandatsaka be tao. Fa nisy mpitondratena malahelo anankiray kosa tonga teo, ka nandatsaka farantsa kely roa ankevitry ny variroaventy avy. Ary Jesosy niantso ny mpianany hanantona Azy ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa fa io mpitondratena malahelo io no efa nandatsaka be noho izay rehetra nandatsaka tao amin'ny fandatsahan-drakitra. Fa ireo rehetra ireo dia tamin'ny haben'ny fananany no nandatsahany tao; fa izy kosa tamin'ny alahelony no nandatsahany tao izay rehetra nananany, dia ny fivelomany rehetra* (Marka 12:41-44).

Mazava ho azy fa betsaka ny lohahevitra nampianarin' i Jesosy, saingy tsy ampy hiresahana ny amin'izy rehetra ireo ity boky kely ity. Manoro hevitra anao aho hamaky ireo filazantsara efatra mikasika ny fiainany sy ny fampianarany.

**Ireo asa vitsivitsy nasain' i Jesosynataontsika**

*Mibebaha ianareo, fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra* (Matio 4:17).

*Na zovy na zovy no tsy mitondra ny hazo fijaliana ka tsy manaraka Ahy, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy* (Lioka 14:27).

*Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. Izany no ahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia* (Jaona 13:34,35).

Free Digital Copy From ServeNow

*Sambatra ny malahelo am-panahy; fa azy ny fanjakan'ny lanitra. Sambatra ny ory; fa izy no hampifalina. Sambatra ny malemy fanahy; fa izy no handovany tany. Sambatra ny noana sy mangetaheta ny fahamarinana; fa izy no hovokisana. Sambatra ny miantra; fa izy no hiantrana. Sambatra ny madio ampo; fa izy no hahita an'Andriamanitra. Sambatra ny mpampihavana; fa izy no atao hoe zanak'Andriamanitra.*

*Sambatra izay enjehina noho ny fahamarinana; fa azy ny fanjakan'ny lanitra. Sambatra hianareo, raha haratsian'ny olona sy enjehiny ary asiany izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo noho ny amiko. Mifalia sy miravoravoa hianareo, fa lehibe ny valim-pitianareo anyan-danitra; fa toy izanyihany no nanenjehany ny mpaminany izay talohanareo* (Matio 5:3-12).

*Hianareo no fanasin'ny tany; fa raha ny fanasina no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy? Tsy misy heriny hanaovana na inona na inona intsony izy, fa hariana any ivelany ka hohitsahin'ny olona. Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra. Arykoa, tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana, fa apetrany eo amin'ny fanaovan-jiro, ka dia mazava amin'izay rehetra ao an-trano izany. Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hakalazany ny Rainareo Izay any an-danitra* (Matio 5:13-16).

*Efa renareo fa voalaza hoe: Tiava ny namanao, arymankahalà ny fahavalonao. Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo* (Matio 5:43-44).

*Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany. Ary amin'izany dia aza manahy ny amin'ny ampitso hianareo; fa ny ampitso hanahy ny azy. Ampy ho an'ny andro ny ratsy miseho ao aminy* (Matio 6:33-34).

*Mangataha, dia omena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo, ndondony dia hovohana hianareo. Fa izay rehetra*

Free Digital Copy From ServeNow

*mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondona no hovohana* (Matio 7:7-8).

*Koa amin'izany, na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany; fa izany no lalàna sy mpaminany* (Matio 7:12).

*Tsarovy ny teny izay nolazaiko hoe: Ny mpanompo tsy lehibe nohon'ny tompony. Raha nanenjika Ahy izy, dia hanenjika anareo koa; ary raha nitandrina ny teniko izy, dia hitandrina ny anareo koa* (Jaona 15:20).

*Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan' izao tontolo izao* (Matio 28:18-20).

**Nasehon' i Jesosytamin'ny alalan'ny fahagagana nataony ny maha Izy azy**

Ny fahagagana voalohany nataon' i Jesosy dia tao amin'ny fampakaram-bady iray rehefa lany tanteraka ny divay. Novainy tsotra izao ho lasa divay tena tsara indrindra ny rano tanaty siny lehibe maromaro.

Betsaka ireo fahagagana nataony izay nifandray tamin'ny zavaboary sy ny sakafo. Rehefa niaraka taminy tao anaty tafio-drivotra teny amin'ny ranomasin' i Galilia ny mpianany, dia nampitony avy hatrany izany Izy. Indray andro aza, rahateo an-tsambokely teo afovoan'ny farihy ny mpianany, dia nanatona azy ireo Jesosy, nitsangantsangana teo ambonin'ny rano! Tamin'ny trangan-javatra roa hafai hany koa, dia vahoaka aman'arivony no nihaino Azy nandritran'ny tontolo andro ary tsy nanana sakafo hohanina ireo.

Free Digital Copy From ServeNow

Nofahanany tamin'ny alalan'ny mofo sy hazandrano vitsivitsy ireo olona an'arivony ireo.

Matetika no nentina teo Aminy ny marary, mety ho marenina, na mandringa, na jamba, na aretina hafa mihitsy, ary nositraniny avokoa ireny. Rehefa nifanena tamin'ny boka izy, izay karazan'olona hihatakatahan'ny olona mandrakariva, dia nositraniny ireny. Imbetsaka Izy no nanangana olona tamin'ny maty, anisan'izany i Lazarosy namany izay efa maty nandritran'ny andro maromaro.

Maro ireo demoniaka no niady hevitra ny Aminy, fa noteneniny mafy ireo fanahy ratsy ary nanafaka azy ireo Izy. Nisy kapiteny tao amin'ny Tafika Romana, izay nanana mpanompo narary ka nanantona an' i Jesosy satria nila ny fanampiany. Nilaza taminy i Jesosy fa mbola tsy nahita finoana toy izany mihitsyIzy, ka nalefany nody ilay lehilahy. Rehefa tonga tao an-trano ilay kapiteny dia sitrana ny mpanompony.

Mbola Andriamanitry ny fahagagana i Jesosy ankehitriny. Ny sasanyamin'izy ireo dia mety ho ara-batana, araka nyvoalaza etsy ambony. Ny fahagagana lehibe indrindra anefa dia ny hoe afaka manova nyfiainanao sy ny fiainako avy amin'ny maizina ho amin'ny mazava Izy ary avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana.

**Nanokana fotoana niarahana tamin'ny vahoaka i Jesosy**

Telo taona mahery monja ny fanompoan' i Jesosy. Lehilahy be andraikitra izy, nefa nanana fotoana niarahana tamin'ny vahoaka hatrany.

Ny roa ambin'ny folo lahy tamin'izy ireo, izay mpianany, dia niara-nitoetra taminy isan'ora nandritra ny taona maro. Nameno nyfiainan'izyireo ny fisiany.

Indray andro dia nisy vehivavy tratra nijangajanga. Tonga hitora-bato azy ho faty ny lehilahy mpanamarin-tena maromaro, nefa hoy Jesosy hoe izay tsy nanota

Free Digital Copy from ServeNow

tamin'izy ireo no aoka hitora-bato azy voalohany. Dia niala tamin-kenatra izy rehetra. Nanokana fotoana niaraka tamin'ilay vehivavy i Jesosy, namela ny helony ary nilaza taminy mba handeha ary tsy hanota intsony.

Indray andro Jesosy nandeha namakivaky an'ny Samaria ary nifanena tamin'ny vehivavy iray teo am-pantsakana. Niaina tao anaty fahotana izy io. Fantatr' i Jesosy izany kanefa mbola nanokana fotoana niaraka tamin'ilay vehivavy Izy ary nanazava taminy ny ilana ny fanomezana fahafaham-po ny hetaheta ao anatiny amin'ny alalan'ny fiainana azon' i Jesosy atolotra azy. Satria nandany fotoana izy, dia niova ny fiainany manontolo.

Nianatra ny Soratra Masina i Nikodemosy. Fantany fa na dia mandeha mamangy an' i Jesosy amin'ny alina aza izy dia hanana fotoana ho azy foana Jesosy. Tao anatin'ny fifanakalozan-kevitra nataon' izy ireo dia nianatra fahamarinana lehibe iray izy, izay mety ho ahy sy ianao koa. Hoy Jesosy taminy: *Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra. Ary Jesosy nanampy hoe:…ny Zanak'olona dia tsy maintsy hasandratra, mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy* (Jaona 3:3, 14-15).

Nisy mpamory hetra iray atao hoe Zakaiosy, izay lehilahy fohy kely. Mba hahafahany mahita an' i Jesosy nandeha namakivaky nytanàna, dia niakatra teo ambony hazo izy mba hahitany azy tsaratsara kokoa. Nahita azy i Jesosy, dia nanasa ny tenany ho any an-tranon' i Zakaiosy Izy, ary niova niaraka tamin'izay ny fiainan'ilaylehilahy fohy kely iray manontolo.

Nanana namana akaiky telo iJesosy, anabavy roa ary rahalahy iray antsoina hoe Marta sy Maria aryLazarosy. Matetika izy no nandany fotoana tao an-tranon'izyireo, ary nianatra fahamarinana lalina izy ireo satria niaraka tamin' i Jesosy mandrakariva.

Free Digital Copy From ServeNow

**Ny fahafatesan' i Jesosy**

Ny fahafatesan'I Jesosy Kristy no hetsika faratampony mba hanatanterahana ny asa nanirahana Azy. Nilaza tamin'ny mpianany i Jesosy fa *tonga Izy mba hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro* (Marka 10:45). Nampianatra azy ireo ihany koa Izy fa tonga mba ho faty Izy ary hitsangana indray. Ny fahafatesany dia fahavitan'ny andraikiny amin'ny maha-mpanelanelana Azy amin'Andriamanitra sy isika olombelona, ary tamin'ny fotoanana hafatesany dia nanambara i Jesosy hoe: *Vita* (Jaona 19:30). Milaza amintsika I Matio sy Marka, mpanoratra ny filazantsara, fa tamin'izay fotoana izay dia triatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany ny efitra lamba tao amin'ny tempoly (Matio 27:51). Izany fihetsika izany dia nanokatra ny lalana mankany amin'Andriamanitra, ho any amin'nyfitoerana masina indrindra, ho an'izay rehetr amino (Hebreo 10:19-22).

Zava-dehibe ny mahatsapa fa raha tsy maty ho antsika Jesosy dia mbola ho ao anatin'ny fahotantsika ihany isika. *Fa raha ts ymisy rà alatsaka dia tsy misy famelan-keloka* (Hebreo 9:22).

*Izy no ananantsika fanavotana amin'ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika* (Efesiana 1:7).

Nandatsaka ny rany ho antsika Jesosy, nitondra ny otan'izao tontolo izao, anisan'izany ny anao sy ny ahy, ka rehefa mino Azy isika, dia tsy hahazo famelan-keloka fotsiny ihany, fa famonjenaa min'ny alalany – fiainana vaovao, miova ankehitriny sy ho mandrakizay.

**Ny fitsanganan' i Jesosy tamin'ny maty**

Tsy maty teo amin'ny hazo fijaliana ihany i Jesoa fa nanangana azy tamin'ny maty koa Andriamanitra amin'ny andro fahatelo. Ahoana no nahafantaran'ny mpianatra fa Nitsangana Izy?

Free Digital Copy from ServeNow

Ny famantarana iray dia ny fasana foana. Ny iray hafa dia ny nisehoan' i Jesosy ara-batana tamin'ireo mpanara-dia Azy. Na dia nanana vatana voaova aza Izy ka afaka namakivaky avy hatrany ny varavarana (Jaona 20:19), dia mbola nitondra ireo mariky ny fanomboana Azy teo amin'ny tanany sy ny lanivoany ihany Izy (Jaona 20:27). Afaka nihinana tahaka ny olombelona rehetra Izy (Asan'ny Apostoly 1:4). Niresaka tamin'ireo mpanara-dia azy i Jesosy ary nampianatra azy ireo ny amin'izay tokony hataony. *Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo. Ary indro Izaho momba anareo mandrakariv aambara-pahatongan'ny fahataperan' izao tontolo izao* (Matio 28:18-20). Nilaza tamin'izy ireo Izy fa tsy hamela azy ireo ho irery, fa haniraka ny Fanahy Masina ho amin'izy ireo.

Tamin'ny alalan'ny fitsanganana tamin'ny maty dia voaova ny mpianatra ary niova tanteraka ny fiainany. Na i Paolyaza, izay mbola tsy anisan'ny mpianatr' i Jesosy fony Izy tetỳ an-tany, dia nihaona tamin' i Jesosy Kristy ary niova ihany koa ny fiainany.

Tena zava-dehibe ho an'ny finoana kristianina ny fitsanganan' i Jesosy Kristy tamin'ny maty. Hoy i Paoly: *Ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny finoanareo; ar ymbola ao amin'ny fahotanareo ihany ianareo* (1 Korintiana 15:17). Nahoana no zava-dehibe ny fitsanganana amin'ny maty?

Asehon'ny fitsanganana amin'ny maty amitsika fa tena Andriamanitra tokoa i Jesosy Kristy. Nilaza izany mazava tsara i Petera tao amin'ny toriteniny tamin'ny andro Pentekosta. *Koa aoka ho fantatry ny taranak'Isiraely rehetra marimarina fa iny Jesosy nohomboanareo tamin'ny hazo fijaliana iny dia efa nataon'Andriamanitra ho Tompo sy*

Free Digital Copy From ServeNow

*Kristy* (Asan'ny Apostoly 2:36). Tamin'ny nananganana an' i Jesosy tamin'ny maty, Andriamanitra dia nanamafy fa Izy no Kristy, ilay Mesia, izay nampanantenain'Andriamanitra fa hirahiny hanafaka ny olony. Nohamafisiny fa i Jesosy no Tompo, Andriamanitra Izy!

Nasehon'Andriamanitra fa nankasitrahany ny asa fanavotana nataon' i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty. Misy ifandraisany ny fahafatesan' i Jesosy sy ny nananganan'Andriamanitra Azy. *Izay natolotra nohon'ny fahadisoantsika ka natsangana indray ho fanamarinana antsika* (Romana 4:25). Amin'ny alalan'ny fitsanganana amin'ny maty no ahazoan'ireo mino an' i Jesoa Kristy famelan-keloka nohon'ny fahotany.

Ny fitsanganana amin'ny maty dia mampiseho ny fandresen' i Jesosy ny fahafatesana ary antoka fa hiaina mandrakizay koa ny mpanara-dia an' i Jesosy.

Amin'ny alalan'ny fitsanganany tamin'ny maty dia afaka ny ho traikefa velona ho an'izay mino i Jesosy Kristy. Nanoratra i Paoly hoe: *Eny mba ho fantatro Izy sy ny herin'ny fitsanganany* (Filipiana 3:10). Io hery io koa dia manampy antsika hiaina ny fiainam-baovao ao amin' i Jesosy Kristy. *Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko. Fa izay ivelomako ankehitriny eoamin'ny nofo, dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy* (Galatiana 2:20).

Ny fahafatesan' i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana dia tsy misy dikany raha tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty ary ny fitsanganana amin'ny maty dia manome heviny vaovao ho an'ny hazo fijaliana. Satria Jesosy Kristy no Andriamanitra, dia fantatsika fa Andriamanitra no niasa teo amin'ny hazo fijaliana. Dia vao mainka mahery vaika ny herin'ny hazo fijaliana.

Free Digital Copy From ServeNow

**Ny fiakaran' i Jesosy**

Taorian'ny nitsanganan' i Jesosy Kristy tamin'ny maty, *dia niseho tamin'izy ireo efapolo andro Izy ary nilaza ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra* (Asan'nyApostoly 1:3). Nilaza tamin'ny mpianatra ihany koa Izy mba hiandry ny fahatongavan'ny Fanahy Masina amin-kery. Ao amin'ny Asan'nyApostoly 1:9 isika dia mahita ny momban'ny fiakarana any an-danitra. *Ary rehefa nilaza izany Jesosy, dia nakarina Izy, raha mbola nijery izy ireo; ary nisy rahona nitondra Azy, ka tsy hitan'ny masony intsony Izy.* Ny rahona no famantarana ny fanatrehan'ny voninahitr'Andriamanitra.

Efa nilaza mialoha i Jesosy fa hiverina any amin'ny Rainy Izy. *Eny, nivoaka avy tamin'ny Ray Aho ka tonga amin'izao tontolo izao; ary hiala amin'izao tontolo izao indray Aho ka hankany any amin'ny Ray* (Jaona 16:28). Nilaza tamin'ny mpisoronabe i Jesosy fa *hipetraka eo an-tanana ankavanan'ilay Hery Izy* (Matio 26:64). Ny tanana ankavanana no toerana mampiavaka, fanehoan-kery ary mariky ny fahefana. Io koa no toerana hanaovan' i Jesosy fifonana tsy tapaka amin'ny Ray ho antsika. *Koa amin'izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy* (Hebreo 7:25).

**Aiza Izy izao?**

Jesosy nilaza tamin'ny mpianany fa tsy maintsy ho any an-tranon-drainy Izy mba hamboatra fitoerana ho azy ireo. *Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareoAho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any Amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa* (Jaona 14:3). Jesosy, izay Andriamanitra Zanaka, dia miaraka amin'Andriamanitra Ray any an-danitra. Nilaza tamin'ny mpianany ihany koa i Jesosy fa rehefa handeha Izy, dia Andriamanitra Fanahy Masina no homba azyireo. Ny Fanahy Masina izao dia miaraka amin'ny mpino amin'ny fotoana rehetra. Toy izany no hitoeran' i Jesosy amintsika mandrakariva, araka ny nampanantenany.

Free Digital Copy From ServeNow

**Ny Fiverenan' i Jesosy**

Imbetsaka i Jesosy no nanambara tamin'ny mpianany fa hiverina indray Izy. Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia voalaza in-250 mahery ny fiverenany.

Hiverina tampoka i Jesosy, amin'ny fotoana tsy ampoizin'ny maro ary ho hitan'ny olona rehetra Izy amin'izay fotoana izay. *Fa tahaka ny helatra avy any atsinanana hita any andrefana, dia ho tahaka izany ny fihavian'ny Zanak'olona ...ka dia hitomany ny firenena rehetra ambonin'ny tany, ary hahita ny Zanak'olona avy amin-kery sy voninahitra lehibe eo amin'ny rahon'ny lanitra izy* (Matio 24:27, 30).

Hiverina Izy hampitoetra ny fandresena azony teo amin'ny hazo fijaliana. Hesorina amin'ny tontolon'Andriamanitra ny ota, ny fahafatesana ary ny hery ratsy rehetra.

Hiverina mba hanangana sy hitsarany maty koa Izy. *Aza gaga amin'izany; fa avy ny andro izay handrenesan 'ny olona rehetra any am-pasana ny feony; dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin'ny fitsanganana ho fiainana; fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin'ny fitsanganana ho fahamelohana* (Jaona 5:28-29).

Amin'izany andro izany dia hanavakany marina sy ny tsy marina Izy. *Ary amin'izany ny Mpanjaka dia hilaza amin'izay eo amin'ny ankavanany hoe: Avia ianareo izay notahin'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao* (Matio 25:34). Fa amin'ny sasany kosa dia ho lasa toy izao Izy: *Ary ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay; fa ny marina ho any amin'ny fiainana mandrakizay* (Matio 25:46).

Tsy misy mahalala hoe rahoviana no hitranga izany. Nilaza anefa i Jesosy fa tokony hiambina sy ho vonona amin'izany andro izany isika.

Free Digital Copy From ServeNow

**Manana anarana sy anaram-boninahitra maro i Jesosy**

Anarana iombonana teo amin'ny Jiosy ny hoe Jesosy, ary nisy heviny toy ny anarana hafa rehetra izany. Jesosy dia anarana hebreo izany hoe 'Jeshua'izay midika hoe famonjena. Io no anarana nomena an' i Josoa, mpandimby an' i Mosesy. Fa Jesosy dia tsy olona afaka hamonjy ny olona amin'ny loza, ny fampahoriana ary ny tahotra fotsiny ihany, fa ny anarany dia midika iraka manokana. Rehefa namangyan'i Josefa ny anjely iray, dia nilaza taminy ilay anjely fa i Maria fofombadiny *dia hiteraka zazalahy, ary ny anarany hataonao hoe Jesosy, fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany* (Matio 1:21).

Nirahin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fahagagana nohon'ny fahaterahan'ny virijiny i Jesosy mba hamonjena ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao amin'ny olan'izy ireo lalina izay efa nisy hatrizay dia ny fahotana izany. Nihoatra lavitra noho ny Mpamonjy tamin'ny fampahoriana ara-politika na ny loza Izy. Izy no Ilay Mpamonjy izao tontolo izao!

Ny teny grika hoe "Christos" dia fandikana ny teny hebreo hoe "Mesia", izay midika hoe "ilayvoahosotra". Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny fanosorana olona iray dia naneho fa nofidin'Andriamanitra hanao iraka manokana izy. Nahazo teny avy tamin'Andriamanitra ireo mpaminany ny amin'ny mpanjaka vaovao iray izay ho avy hanafaka ny vahoaka amin'ireo hery fibodoana samihafa izay nanafika ny fireneny.

Tena nahery vaika izany fanantenan-javatra izany tamin'ny andron' i Jesosy ary ny Jiosy dia nanantena an'Andriamanitra haniraka Mesia, izay hamonjy azy ireo amin'ny fanjanahan'ny Romanina. Nanantena mpanafaka ara-politika nyJiosy, kanefa mihoatra lavitra noho izany i Jesosy. Tonga Izy hanafaka ny olona rehetra amin'ny fampahorian'ny ota sy ny faharatsiana.

Free Digital Copy from ServeNow

Azon'nympiananyavyhatrany hoe iza izy: Rehefa tonga tany amin'ny faritr' i Kaisaria-filipo I Jesosy, dia nanontany ny mpiananyIzy ka nanao hoe: *Ataon'ny olona ho iza moa ny Zanak'olona? Dia namaly ireo: Hoy ny sasany: Jaona Mpanao-Batisa; ary hoy ny sasany: Elia; ary hoy ny sasany: Jeremia, na anankiray amin'ny mpaminany. Ary hoy Jesosy taminy: Fa hianareo kosa manao Ahy ho iza? Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe: 'Fa ahoana kosa?', hoy izy. 'Iza moa aho, hoy ianao?' Dia namaly Simona Petera hoe: 'Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona. Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Sambatra hianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-dra no nanehoanao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra* (Matio 16:13-17).

Niaiky ampahibemaso i Jesosy tamin'ny fitsarana azy fa Izy no Kristy, ilay Mesia. Rehefa nanontany an' i Jesosy ny mpisoronabe raha toa ka Izy no Kristy, Zanaky ny Isaorana, dia namaly i Jesosy hoe: *Izaho no Izy* (Marka 14:61, 62). Izy no mpanafaka ny vahoakan'Andriamanitra, fa tsy amin'ny heviny ara-politika akory. Mihoatra lavitra noho izay azo hiheverana azyIzy. Izy no Mpamonjy izao tontolo izao.

Nantsoina hoe *Zanak'olona* ihany koa i Jesosy. Io no anaram-boninahitra nampiasain' i Jesosymomba ny tenany. Anisany anaram-boninahitra hafa nampiasaina matetika ny hoe *Zanak'Andriamanitra*. Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny teny hoe *Zanak'Andriamanitra* dia ampiasaina amin'ny heviny midadasika kokoa, izay mety tsara raha adika hoe "an'Andriamanitra". Tamin'ny batisan' i Jesosy dia nilaza Andriamanitra hoe: *Ity no Zanako malalako* (Matio 3:17). Na dia mampiasa ny fitenenana hoe ireo zanak'Andriamanitra aza i Paoly ny amin' ireo izay mino an' i Jesosy, dia misy fahasamihafana eo amin'ny mpino amin'ny maha-zanak'Andriamanitra, izay hiantsoana antsika ao amin'ny fananganan'anaka, syJesosy, izay *Zanak'Andriamanitra* (Romana 8:32).

Free Digital Copy From ServeNow

Misy ohatra maromaro ao amin'ny Filazantsara izay anehoana ny fifandraisan' i Jesosy amin'Andriamanitra ho toy ny fifandraisan'ny ray sy ny zanaka. Rehefa nijoro teo anatrehan'ny filankevitry ny mpitarika jiosy i Jesosy tamin'ny fitsarana Azy, dia nanamafy Izy fa Zanaky ny Isaorana. Tamin'izay indrindra no nandrovitra ny fitafiany ny mpisoronabe ho fanehoana ny alahelony sy horohoro, satria noheveriny fa fitenenan-dratsyizany ka tokony ho faty Jesosy.

Ny teny hoe Tompo dia fandikana ny teny grika hoe 'kyrios' izay midika amin'ny ankapobeny hoe tompo nampifehy. Tsy te hanonona ny anaran'Andriamanitra ny Jiosy, ka nampiasa teny hafa, izay midika hoe Tompo. Rehefa antsoina hoe Tompo i Jesosy, dia midika izany fa heverina ho Andriamanitra Izy.

Ny anarana hebreo hoe Andriamanitra dia midika hoe IZAHO NO IZY. Ao amin'ny Testamenta Taloha Andriamanitra dia nilaza tamin' i Mosesy fa IZAHO no miteny. Imbetsaka ao amin'ny Filazantsara no nilazan' i Jesosy hoe "Izaho no Izy". Tsy fanambarana tsotra fotsiny izany fa mampahatsiahyantsika ny anaran'Andriamanitra, IZAY IZY. Koa rehefa nilaza i Jesosy fa *Izaho no mofon'aina* (Jaona 6:35), *Izaho no fahazavan'izao tontolo izao* (Jaona 8:12), *Izaho no vavahadin'ny ondry* (Jaona 10:7), *Izaho no mpiandry tsara* (Jaona 10:11), *Izaho no fananganana ny maty sy fiainana* (Jaona 11:25), *Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana* (Jaona 14:6), *Izaho no tena voaloboka* (Jaona 15:1) ireo "izaho" ireo dia fifandraisana amin'Andriamanitra avokoa.

Taorian'ny nitsanganan' i Jesosy tamin'ny maty, dia niseho tamin'ny mpianatra roa lahy teny an-dalana ho any Emaosy Izy. Nihazakazaka niverina tany Jerosalema izy ireo mba hilaza amin'ny mpianatra namany hoe: *Efa nitsangana marina tokoa ny Tompo* (Lioka 24:34). Ny fanekena tranainy indrindra momba an' i Jesosydia ny hoe *Jesosy no Tompo.*

Free Digital Copy From ServeNow

**Inona no tena mampiavaka an' i Jesosy?**

***Efa nisy talohan'ny fiatombohan'ny zavatra rehetra Izy***

Talohan'ny nahariana izao tontolo izao dia efa nisy Jesosy, anisany mandrafitra ny maha Andriamanitra, ny telo izay iray: Andriamanitra (ny Ray), Andriamanitra (ny Zanaka) ary Andriamanitra (ny Fanahy Masina).

***Tonga tety amintsika Izy***

Amin'ny ankamaroan'ny fivavahana dia tsy maintsy manatona ny andriamanitra, na ny sampy ny olona iray. Hafa tanteraka anefa i Jesosy. Nanatona antsika Andriamanitra tamin'ny nanirahany an' i Jesosyho tonga teto amin'ny tontolontsika. *Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay* (Jaona 3:16).

***Jesosy dia Andriamanitra***

Sahala amin'Andriamanitra, i Jesosy dia mahery indrindra. Eo mandrakariva Izy, manana ny fahalalana rehetra, mahatoky, manjaka, mandrakizay, masina aryfitiavana.

Jesosy no Mpamonjy izao tontolo izao, Izy no Mesia nampanantenaina, Izy no Zanak'olona nampanantenaina avy any an- danitra, ilay Zanak'Andriamanitra izay nanana fifandraisana manokana tamin'Andriamanitra, ary Izy no Tompo, izaymidika fa Izy no Andriamanitra. Ao amin'ny toko voalohany amin'ny Filazantsaran' i Jaona, dia hoy ny mpanoratra: *tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Any aoriana ato amin'ity toko ity ihany, ny Teny dia antsoina hoe Jesosy* (Jaona 1:14). Rehefa nihaona tamin' i Jesosy ny apostoly Tomasy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty, dia hoy izy tamin' i Jesosy: *Tompoko sy*

Free Digital Copy From ServeNow

*Andriamanitro* (Jaona 20:28). Ao amin'ny toko voalohany amin'ny Hebreo isika dia mahita hoe: *Fa ny amin'ny Zanaka dia hoy izy: Ny seza fiandriananao, Andriamanitra ô, dia mandrakizaydoria* (Hebreo 1:8).

## *Olombelona ihany koa i Jesosy*

Olombelona ihany koa i Jesosy.Hitantsika ao amin'ny Filazantsara fa teraka amin'ny maha-olombelona Azy i Jesosy. Na dia tsy manam-paharoa aza ny fomba nanoritoronina azy, dia toa nitovy tamin'ny olombelona rehetra ihany ny fizotran'izany nanomboka teo. Na dia nisy trangan-javatra niavaka maromaro aza nanodidina ny fahaterahana tao Betlehema, dia fiterahana ara-dalàna izany. Araka ny voalazan' i Matio syLioka, i Jesosy ihany koa dia nanana tetiarana manokana.

Ny fahaterahany dia narahin'ny fitomboana sy fivoarana ara-dalàna nandritra ny taona maro tao anatin'ny tokantrano sy ny fianakaviana. Nianatra asa izy rehefa lehibe. Mba nahatsiaro vizana sy noana ary nangetaheta ihany koa i Jesosy. Naneho fifaliana, alahelo, fitiavana, fangorahana ary fahatezerana izy. Maty tamin'ny naha-olombelona mihitsy aza izy ary nalevina tao am-pasana. Nohamafisina kokoa ny maha-olombelonaan' i Jesosy rehefa nalaim-panahy hanota Izy (Matio 4:1-11). Hoy ny Hebreo 4:15: *Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika, fa izay efa nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika, kanefa tsy nanan aota.*

Ny tsy fananan' i Jesosy ota dia manamarina ny anton'ny fitiavany sy ny famindram-pony amintsika. Tonga hanolotra ny ainy ho sorona noho ny fahotantsika Izy.

Ny fakam-panahy nataon'ny devoly tany an'efitra dia natao handresena lahatraan' i Jesosy hifidy ny voninahitra sy ny toerana ambony eto an-tany fa tsy nyfanalam-baraka sy nyf ijaliana ary ny fahafatesana. Nisafidy

Free Digital Copy From ServeNow

ny hanao ny sitrapon'Andriamanitra anefa izy ary nanana fiainam-pahamasinana sady tsy misy tsiny, ary tamin'ny farany aza dia nanolotra ny ainy ho antsika mihitsy izy mba ho sorona, tsy misy ota. Tsy afaka nanota Izy nohon' ny fitiavany antsika, izay nasehony hatreny amin'ny hazo fijaliana. Ny tsy fananan' i Jesosy ota dia misy ifandraisany amin'ny fahadiovan'ny sorona nataony. Ny olombelona tsy manana ota ihany no afaka mamela heloka. Hoy I Paolyao amin'ny 2 Korintiana 5:21, *Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan' Andriamanitra ao aminy kosa isika.*

Zava-dehibe ny maha-olombelona an'i Jesosy, satria tao anatin'izany Jesosy amin'ny maha-olombelona no nanehoan'Andriamanitra ny tenany ho antsika ka azontsika tsara hoe iza Izy. Satria Jesosy dia olombelona sy niaina ny zava-drehetra toa antsika, dia afaka mahatakatra sy manampy antsika amin'ny filantsika sy ny fahalementsika rehetra Izy. Afaka nanala ny elanelana misy noho ny ota eo amin'ny olombelona sy Andriamanitra i Jesosy, satria olombelona Izy.

### *Tonga teto an-tany I Jesosy Kristy*

Jesosy dia sady Andriamanitra no olombelona. Sady Andriamanitra ao amin'ny fahafenoany Izy no olombelona zato isan-jato ihanykoa. Tsy hoe ny tapany Andriamanitra dia ny tapany olombelona, fa zato isan-jato Andriamanitra Izy ary zato isan-jato olombelona ihany koa. Tonga tety an-tany io Andriamanitra io ary niaina tao amin'ny olombelona, izay ilay antsoin'ny teolojiana hoe 'tonga nofo'. Jaona 1:14, *Ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika.*

### *Nisolo ny toerantsika Jesosy*

Ny anaran' i Jesosy dia midika hoe Mpamonjy ary tonga Izy mba hamonjy izao tontolo izao amin'nyfahotany.

Free Digital Copy From ServeNow

Lazaina ao amin'ny Asan'ny Apostoly 4:12 fa *amin'ny anarany ihany no ahazoana famonjena.* Raha ny marina dia tokony ho faty isika, ary ho tafasaraka amin'Andriamanitra mandrakizay. Mbola mety hitranga ihany izany raha toa ka manome lamosina Azy ianao. Fa Jesosy, izay tsy nanana ota, dia nisolo ny toerantsika ho toy ny biby natao sorona, tsy misy tsiny, ary maty teo amin'ny hazo fijaliana nandray ny toerantsika mba hahazoantsika ny fiainana avy Aminy ankehitriny ary hovelona mandrakizay avy eo.

***Izy irery ihany no afaka manome fiainana ho antsika***

Ao amin'ny Jaona 5:24-26 i Jesosy dia milaza amintsika fa mitovy amin'Andriamanitra Izy, nohon'ny fananany fiainana ao Aminy sy ny fahafahany manome fiainana ho an'ny hafa. Naneho nyheriny tamin'ny nananganany an' i Lazarosy tamin'ny matyJesosy (Jaona 11:43-44), fa ny tena zava-dehibe kokoa aza, dia ny hananganany ny maty rehetra ho amin'nyfiainana mandrakizay (Jaona 5:24-26). Raha nyamin'ny fivavahana rehetra misy eran-tany, dia tsy mbola nisy olona sahy nanao fanambarana lehibe toy izany.

***Jesosy no hany lalana***

Jesosy no hany lalana hifandraisana amin'ilay Andriamanitra marina. Hoy Jesosy tamin'I Tomasy: *Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako* (Jaona1 14:6). *Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena* (Asan'nyApostoly 4:12).

**Izay lazain'ny fivavahana hafa momba an'i Jesosy**

***Silamo***

I Jesosydia heverina ho iray amin'ireo mpaminany ao amin'ny finoana silamo, antsoina hoe Isa, saingy tsye kena ho anisan'ny Trinite na ny telo izay iray izy.

Free Digital Copy From ServeNow

***Bodisma***

Toy ny tsy misy tanteraka i Jesosy ho an'ireo Bodista avy any Atsinanana. Heverina ho mpampianatra malalatsaina avy amin'ireo Bodista tandrefana izy indraindray.

***Hindoisma***

Ny Hindoa dia mino fa Jesosy dia iray amin'ireo fisehoan'izy ireo ara-panahy ary anisan'ny lalana mankany amin'Andriamanitra ihany koa. Tsy i Jesosy irery ihany anefa no làlana.

**Afaka ny ho mpanara-dia an' i Jesosy ianao**

Tia anao mihoatra noho izay azonao eritreretina i Jesosy. Maty teo amin'ny hazo fijaliana Izy ary nandatsaka ny rany mba hamela heloka tamin'ny lasanao sy ny ankehitriny ary ny ho avinao. Mijoro eo am-baravaran'ny fiainanao Izy ka mandondòna ary maniry ny hiditra mba hifandray tanteraka aminao. Rehefa miala amin'ny fiainanao taloha ianao ka mangataka Aminy hanova anao amin'ny alalan'ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty, dia ho tonga olom-baovao ianao. Midika izany *fa raha misy olona ao amin'* i Kristy *dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo* (2 Korintiana 5:17).

Tsy zava-mitranga indray mandeha monja ihany anefa izany. Manasa anao Izy mba ho tonga mpanara-dia Azy ianao, ho mpianany.

Ny mpanara-dia an' i Jesosy dia olona manana faniriana lehibe: ny ho tonga tahaka an' i Jesosy. Izany hoe mila miezaka mamantatra ny Aminy misimisy kokoa araka izay azonao atao ianao amin'ny alalan'ilay boky antsoina hoe Baiboly. Mamaky ny baiboly, mandalina azy, manao tsianjery izayvoalaza ao, misaintsaina lalina ary Mankatoa izay ambarany.

Free Digital Copy From ServeNow

Midika izany fa miaina fiainana mitondra vokatra tsara ianao nohon' ny fiovana ao anatinao.

Hoy Jesosy: *Eny, Izaho no voaloboka; hianareo no sampany. Izay miray Amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka Amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona. Raha misy tsy miray Amiko, dia ariana eny ivelany tahaka ny sampana izy ka malazo; ary angonina izy ka atsipy ao anaty afo, dia ho may. Raha miray Amiko ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany. Izany no hankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo* (Jaona 15:5-8).

Midika ho fanehoam-pitiavana tsymisyfepetra amin'ny hafa izany, eny fa na dia ny olon-tsy fantatra aza. Anisan'izany ny fitiavana ny fahavalonao. Ny hoe mpanara-dia an' i Jesosy dia midika hoe manasa ny hafa ho mpanara-dia Azy ihany koa. Tahaka ny zaza ateraka ao amin'ny fianakaviana iray, dia mila mampahafantatra ny olona manodidina anao ianao mba ho tonga mpanara-dia an' i Jesosy koa, ary avy eo dia mampiofana azy ireo mba hanasany ny hafa hanara-dia an' i Jesosy ihany koa.

Rehefa mitory ny amin'ny Fanjakan'Andriamanitra ianao dia tsy maintsy hiatrika ny haizina ihany koa. Tsy tian'ny fahavalo ho mpiasa mavitrika ho an' i Jesosy isika. Fa rehefa manohitra azy isika, dia handositra antsika izy. Ho hitanao ihany koa fa *lehibe Izay ao aminareo noho izay ao amin'izao tontolo izao* (1 Jaona 4:4).

Mivavaha Aminy isan'andro ary avelao Izy hiresaka aminao. Dia miandrasa, ary miomàna ho amin'ny fiverenany.

Tsarovy fa *lehibe Izay ao aminareo noho izay ao amin'izao tontolo izao* (1 Jaona 4:4).

Free Digital Copy From ServeNow

## FANONTANIANA HO FIANARANA SY FANDINIHANA

- Inona no nianaranao momba an'i Jesosy ka tsy mbola fantatrao taloha?

- Milazà zavatra vitsivitsy nampianarin' i Jesosy.

- Inona no dikan'ny fampianarany ho antsika ankehitriny?

- Inona no nasain'i Jesosy hataontsika?

- Miezaka manao ireo zavatra ireo ve isika izao? Raha tsy izany, nahoana?

- Nahoana no zava-dehibe ny fahafatesan'i Jesosy sy ny nitsanganany tamin'ny maty?

- Nanao ahoana ny fiovan'ny fiainanao tamin'ny famakiana ity bokikely ity?

- Lasa mpanara-dia an'i Jesosy ve ianao?

- Efa nampahafantatra an'i Jesosy tamin'ny olona ve ianao? Raha izany, misy olona hafa azonao ampahafantarina an'i Jesosy ve? Raha mbola tsy nanao izany ianao, izao no fotoana tsara hanombohana!